# Ilay ondry very



Nisy mpiandry ondry tsara nanana ondry miisa 100. Very ny iray tamin'izany.

Navelany ny 99 dia nandeha nitady ilay ondry iray very izy.



Faly izy rehefa nahita an'ilay ondry. Nentiny teny an-tsorony nody ilay izy, sady nifaly izy.



Nantsoiny ireo namany sy ireo mpifanolobodirindrina taminy. "Avia hiara-mifaly amiko," hoy izy "fa efa hitako ilay ondriko very" (Lioka 15:6).



## INONA NO DIKAN'IZANY?

Ireo izay manota dia tahaka ny ondry very. Nampianatra ny Mpamonjy fa misy fifaliana any an-danitra rehefa misy mpanota iray mibebaka (jereo ny Lioka 15:7).

## Iza ilay Mpiandry Tsarantsika?

Tsy miova ilay Mpiandry Tsarantsika ary mbola mitovy ihany ankehitriny ny fahatsapany momba ny fahotana sy ny mpanota tahaka izay tsapany fony Izy teto an-tany. . . . Tena tia antsika Izy ka nanome antsika ny fomba hibebahana sy hahatongavana ho madio mba hahafahantsika miverina any Aminy sy any amin'ny Raintsika any An-danitra. . . .

". . . Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no ilay Mpiandry Tsarantsika, izay tia sy miraharaha ny amintsika. Fantany isika ary nanolotra ny ainy hamonjy ny ondriny Izy."

Loholona Dale G. Renlund ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, apr. 2017 ( *Liahona,* mey 2017, 32).

SARY NATAON'I TIM BRADFORD